# MOFONAINA 25 JOLAY 2025

240725 // FMSM : Amosa 7:10–15

1. BOKIN'I AMOSA

Mpanoratra

**Amosa (Entina na enta-mavesatra): mpiandry ondry sy mpikarakara ( mpioty) aviavy avy any Tekoa (any atsimon'i Joda), tsy nianatra tao amin'ny sekoly faminaniana.Tsy mpaminany "matihanina", fa voaantso mivantana haneho ny hafatr'Andriamanitra.

**Taona sy toerana naminaniana :Manodidina ny 760–750 talohan'i Kristy.Tatsimo izy fa niasa tany amin'ny fanjakan'i Israely (any avaratra), tamin'ny andron'ny mpanjaka Jeroboama II.

**Anton'ny faminaniana sy ny zavamisy : Tamin'ny vanim-potoana fahombiazana ara-toekarena sy fitombon'ny fahefana politika – nefa niorina amin'ny tsy rariny sy fanararaotana.

Nampitandrina momba ny fitsaran'Andriamanitra amin'ny tsy rariny sy fivavahana feno fihatsarambelatsihy.

Miantso ny vahoaka hihavana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny fahamarinana.

**Drafitry ny boky

Amosa 1–2: Faminaniana fitsarana ho an'i Israely sy jentilisa. Amosa 3–6: Fananrana sy fanamelohana ny tsy fahamarinana

Amosa 7–9: Fahitana momba ny fitsarana sy famonjena

**Mampiavaka ny boky

Tsy mpaminany nisy fototra ara-pivavahana i Amosa .

Mampitambatra fahitana ara-panahy sy fijery ara-tsosialy.

Fangirifiriana amin'ny fahantrana sy tsy rariny ary fitakiana fanitsiana izany amin'ny anaran'Andriamanitra.

2. NY TEKSTA (Amosa 7:10–15)

Ao anatin'ny fizaranamomba ny fahitana (toko. 7–9).

Amosa manambara fahitana (7:1–9), dia avy eo miatrika fanoherana avy amin'ny mpisorona, Amazia (7:10–15), izay mihevitra fa mitondra loza ho an'ny fanjakana ny teniny.

Amazia dia mpisorona tao amin'i Betela, toerana fanompoam-pivavahana nitarika amin'ny endriky ny sampy.

Nanatitra fitoriana amin'ny mpanjaka Jeroboama izy, milaza fa mandrahona ny fanjakana ny faminanian'i Amosa.

Nandà an'i Amosa izy sy naniraka azy hody any Joda.

Nefa Amosa niaro tena, nanazava fa tsy avy aminy ny fitiavany hitory, fa fiantsoan'Andriamanitra.

3. VOAMBOLANA

**Mpaminany *(hebreo: נָבִיא / navi) : Midika hoe "ilay mitondra hafatra avy amin'Andriamanitra", tsy olona manompo amin'ny rafitra ara-pivavahana ofisialy fotsiny, fa mety olona entin'ny Fanahy hanao asa manokana.

**Mpisorona *(hebreo: כֹּהֵן / kohen)

Mpitondra amin'ny fanompoam-pivavahana, saingy amin'ity tranga ity dia mpiasan'ny fanjakana sy mpanao fanompoana maneho fiviliana amin'ny tena fivavahana.

**Voaantso *(hebreo: קָרָא / qara) ; Teny manambara fiantsoana avy amin'Andriamanitra hanatanteraka iraka masina.

4. FOTO-KEVITRA 🔀 ISAN'ANDININY (Amosa 7:10–15)

7:10 Fanoherana sy fanenjehana ny tenin'Andriamanitra rehefa tsy mifanaraka amin'ny tombontsoa ara-politika.

7:1 1Fahamarinana sy fanambarana hafatra tsy azo ialana sady tsy azo ovana – mitondra teny mampivadi-po fa manambara marina.

7:12 Fiezahan'ny fanjakana hampangina ny Tenin'Andriamanitra – tsy azo sarahina amin'ny fiainan'ny vahoaka ny Tenin'Andriamanitra

.7:13 Fanavahana eo amin'ny politika sy ny fanompoam-pivavahana diso – mitandrina ny toeram-pitondrana fa tsy ny fahamasinana.

7:14 Fanambarana fahatsoram-po sy tsy fisian'ny fireharehana: tsy mpaminany amin'ny rafitra izy, fa olona nantsoina.

7:15 Fiantsoan'Andriamanitra: Andriamanitra no maniraka sy manome andraikitra, na dia avy amin'ny fiainana tsotra aza.

4. FANONTANIANA MITARIKA AMIN'NY FIFAMPIZARANA (5)

1. Ahoana no iatrehan'ny olona sy ny fiarahamonina ankehitriny ny tenin'Andriamanitra rehefa manohintohina tombontsoa?
2. Misy ve amin'izao fotoana izao "mpisorona Amazia" mitady hampangina ny hafatra marina avy amin'Andriamanitra?
3. Mbola mety hiantso olona avy amin'ny fianakaviana tsy mpivavaka ve Andriamanitra amin'izao vanim-potoana izao?
4. Inona no lesona raisina amin'i Amosa momba ny fahasahiana sy ny fahamarinana amin'ny fitoriana?
5. Inona no asehon'ny tantaran'i Amosa momba ny fomba fiantsoan'Andriamanitra sy ny tanjona anirahany ny mpanompony?